



## Ny fanolorana ny Tompo tao amin'ny Tempoly (Lio 2:22-40)

Raha ny fahitana azy, araka ny voalaza eto dia toy ny mahita fivoriam-pianakaviana, miaraka amin'ny zazakely, ny ray aman-dreniny ary ny raibe sy renibe anankiroa isika. Miampitampita sandry mitrotro ilay zaza ary mitolagaga sy talanjona manolona azy izay rehetra mitrotro azy.

Fa raha jerena akaiky kokoa izy ireo, dia hita fa ireo zokiolona anankiroa dia tsy raibe sy reniben'ilay zaza, ary tsy misy ifandraisana amin'ny fianakaviana mihitsy izy ireo. Saingy ilay zazakely no rohy mampifandray ireo olona rehetra ireo, ny marina kokoa dia lzy sy Andriamanitra no manao ny rohy. Tsy tao an-tokan-trano tsotra fa tao amin'ny fitoerana masina no niseho ny tantara – tao amin'ny Tempolin'I Jerosalema, izay nahatongavan'ny ray aman-drenin'ny zaza hanao fombafombam-pivavahana. Izany dia mahatonga antsika hieritreritra izay miseho eo amin'ny batisa, rehefa miaraka amin'ny olona hafa ivelan'ny fianakaviana, ao amin'ny vavaka sy amin'ny fampanantenan'Andriamanitra ny fianakaviana iray.

Fa amin'ny fijery fahatelo izay raisintsika momba ny fanolorana an'I Jesosy teo amin'ny Tempoly, dia tokony ho lavintsika ny fampitahana izany amin'ny batisa, satria tsy mijanona ho mahafaly sy maharavo ny feo re. Tao anatin'ireo fitenenana sy fisaorana, dia nisy teny tena atahorana, teny miteraka ahiahy voateny: “fandavoana sy fananganana, zava-mifanohitra, sabatra...” (and 34,35).

Fa iza moa izany io zaza io no mamory manodidina Azy ireo olona ireo, ary sady manetsika fiderana feno fifaliana no mahatonga ihany koa ireo teny mifanohitra sy mampiahiahy? Iza io zaza io ho an'ireo manodidina azy, ary iza io ho antsika?

Ho an'I Simeona sy Ana, io zaza io, izay tsy iza fa Jesosy dia ny famonjen'Andriamanitra hita maso. Raha vao hitan'izy ireo lzy, dia takany fa mitana ny fampanantenany Andriamanitra, ary ankehitriny no hanatanterahany izany amin'izy ireo. Taorian'ny taona maromaro lasa niandrasana, andro iray monja, io eo anoloany ilay fihariharian'ilay fampanantenana, dia ao amin'ity zaza ity.

Fantatr' I Simeona sy Ana izany, satria miaina ao amin'ny Fanahy Masina I Simeona, ary Ana kosa dia mpaminany vavy. Saingy ahoana no fahafantaran'izy ireo ny famonjen'Andriamanitra amin'io zaza io ka nahafantaran'ny hafa izany?

Satria Simeona sy Ana dia tsy nitazona ho azy samy irery ny fahareseny lahatra, fa nampita izany tamin'ny hafa; ary nataony ara-bakiteny izany. Tsy nampintaina tamintsika ny tenin'I Ana. Saingy ny tenin'I Simeona dia mazava tsara ary manambara zava-baovao: ny famonjen'Andriamanitra dia tsy natao ho an'ny olony Isiraely ihany, fa ho an'ny firenena hafa koa. Ny famonjen'Andriamanitra dia natao ho an'ny olombelona rehetra eto an-tany. Nambara tao anatin'ny tempolin'I Jerosalema sy noho ny fisian'ny fombafombam-pivavahana jiosy, ary manana heviny manatsimbadika (revolutionnaire) ireo teny ireo. Ary ity fiovana (na revolution) ny fomba fijery ny famonjena voamarina avy amin'ny tenin'I Simeona ity no porofo fa tsy nahita tamim-pahatsorana tao amin'io zazakely io izay tiany ho hita I Simeona, angamba mety reraky ny miaina izy, fa hitany marina kosa ny fampanantenan'Andriamanitra sy ny zava-baovaon'ny famonjena.



Nipoitra avy tao amin'ny teniny io zava-baovao io ary manomboka tanteraka amin'ny alalan'ny fanambarany izany. Tamin'ny fotoana izay nilazan'i Simeona fa *"ankehitryny ny mpanomponao alefanao amin'ny fiadanana..."*, izany hoe afaka ny ho faty am-piadanana izy, dia mifoha ho amin'ny fiainana vaovao, amin'ny tontolo vaovao izy, ary nozarainy tamin'ny hafa tamin'ny alalan'ny fiderana izany.

Fa mbola manana zavatra hafa koa nambara izy. Ny zava-baovaon'ny famonjen'Andriamanitra dia tsy lazaina fotsiny amin'ny fideràna, ny fifaliana, ny fitahiana. Fa lazaina koa amin'ireo teny mavesa-danja izay eo anivon'ny tantara: *"Ity zaza ity no voatendry ho fandavoana sy ho fananganana ny maro ao amin'ny Isiraely ary ho famantarana holavina – ary ny fanahinao aza dia hotsatohana sabatra, mba haseho ny hevity ny fo maro"*. Tsy vitan'ny manana andraikitra tsara fotsiny Jesosy fa manana andraikitra manakorontana koa Izy. Hampitsimbadika ny soatoavina efa mipetraka Izy, hitondra amin'ny fiainana ho an' ireo izay voailikilika Izy ary hanamboatra ireo izay mino ho mahalala ny zava-drehetra sy manana izany, ao anatin'izany ny fahazoana manatona an'Andriamanitra.

Eo amin'ny votoatin'ireo teny mavesan-danja ireo no tena misongadina ny hafatra mahafaly sy fanantenana. Tsy ivelambelany sy tsy mora akory ny fifaliana sy ny fanantenana nentin'ny famonjen'Andriamanitra. Mametraka fanontaniana lehibe, manohintohina ny fahazaran-dratsy azo ity fifaliana sy fanantenana ity, toy izany koa ity famonjena ity, ary mametraka ny tsirairay eo anatrehan'ny fahamarinany, manova fiainana – ary mety maharary izany sy manapatapaka ny tahotra ny fahafatesana (engrenage de la mort) izany. Satria manambara mialoha ny fitsanganan'i Jesosy taorian'ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana ny fifalina sy ny fanantenana ary ny famonjena.

Mitaky herimpo ny mitory hafatra toy izany, mitaky herimpo ny manambara ny finoany an'Andriamanitra izay miseho ao amin'ny Jesoa Kristy. Nanana izany herimpo izany I Simeona sy Ana. Angamba noho ny taonany, efa nandalo fitsapana maro izy ireo ka mahazo antoka fa tsy tokony hatahotra ny hanambara ny marina, indrindra rehefa mahavonjy ny filazana izany.

Isika ankehitryny, amin'ny maha-Fiangonana antsika dia tafangona eto isika noho ny amin'i Jesosy Kristy. Isika koa dia mamorona fianakaviana manodidina an'i Jesosy, dia ireo tsy noforonina amin'ny fifamatorana amin'ny rà fa araka ny Fanahy Masina. Fantatsika ao amin'i Jesosy Kristy koa ny famonjena izao tontolo izao. Ry Havana, moa ve isika manana herim-po handray ity famonjena ity hatrany na dia hamparary antsika aza izany, na dia mety hanelingelina ny fahazarantsika aza, na dia tsy ioreanan'ny fiangonana amin'ny fahefana sy ny fahombiazana eny anivon'ny saram-bem-bahoaka aza izany. Vonona ve isika ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'i Kristy, ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra, fa tsy ho an'ny olona voafaritry ihany?

Noho i Kristy, isika ihany koa dia tokony ho lavina sy toherina fa tsy hahazo tehaka foana. Fa ny miaraka Aminy, dia miroso any amin'ny tena zava-dehibe isika, mankany amin'ny fampanantenana ny famonjen'Andriamanitra izay natao ho an'ny olona rehetra.Amena.

Toriteny alahady 31 desambra 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA

### La présentation du Seigneur au temple (Luc 2, 22-40)

A première vue, on croirait voir une réunion de famille, avec un bébé, ses parents, et deux grands-parents. Le bébé passe de bras en bras, on s'extasie devant lui, on s'émerveille.

Mais à y regarder de plus près, on s'aperçoit que les deux personnes âgées ne sont pas les grands-parents du petit, et n'ont même aucun lien de parenté entre eux. Or, le bébé est bien celui qui fait le lien entre toutes ces personnes, pour être exact : ce sont lui et Dieu qui font le lien. La scène se déroule non pas dans une maison, mais dans un sanctuaire – le Temple de Jérusalem – où les parents du bébé sont venus accomplir un rite. Cela nous fait alors penser à ce qui se passe lors d'un baptême, quand une famille se réunit avec des personnes en dehors de la famille, dans la prière et sous la promesse de Dieu.

Mais au troisième regard que nous portons à cette scène de la présentation de Jésus au Temple, nous devons renoncer même à la comparaison avec le baptême, car le ton ne reste pas aussi joyeux et idyllique. Au milieu des discours et des actions de grâces, des paroles plus graves sont prononcées, des paroles inquiétantes : Chute et relèvement, contradiction, épée ... (v 34 et 35)

Qui est donc cet enfant pour réunir autour de lui ces personnes, et pour déclencher à la fois la louange pleine de joie et des paroles contradictoires et inquiétantes ? Qui est cet enfant – pour ceux qui sont autour de lui, et qui est-il pour nous ?

Cet enfant, Jésus, est pour Siméon et Anne l'incarnation du salut de Dieu. Dès qu'ils le voient, ils comprennent que Dieu tient ses promesses et que c'est maintenant qu'il va les accomplir. Après tant d'années passées à attendre, un jour, tout simplement, l'évidence est là, dans ce petit enfant.

Siméon et Anne reconnaissent cela, Siméon parce qu'il vit dans le Saint-Esprit, et Anne parce qu'elle est prophétesse. Mais en quoi leur reconnaissance du salut de Dieu en cet enfant regarde-t-elle les autres ?

Car Siméon et Anne ne gardent pas leur conviction pour eux, mais ils la communiquent aux autres ; ils la mettent en parole. Les paroles d'Anne ne nous ont pas été transmises. Mais les paroles de Siméon sont claires et font état d'une nouveauté : le salut de Dieu n'est pas seulement destiné à son peuple, Israël, mais aussi à tous les autres peuples. Le salut de Dieu s'adresse à toute l'humanité sur la terre. Proclamés à l'intérieur du Temple de Jérusalem et à l'occasion d'un rite religieux juif, ces paroles ont quelque chose de révolutionnaire. Et cette révolution de la perspective du salut attestée par les paroles de Siméon est la preuve que Siméon n'a pas simplement vu dans ce petit enfant ce qu'il voulait bien y voir, peut-être parce qu'il était fatigué de vivre, mais qu'il avait vraiment vu la réalisation de la promesse de Dieu et la nouveauté du salut.

Cette nouveauté jaillit dans sa parole, et elle commence à se réaliser par sa proclamation même. Au moment où il dit qu'il peut mourir en paix, Siméon s'éveille à une vie nouvelle, à un monde nouveau, et il le partage aux autres par sa parole de louange.



Mais il lui reste encore autre chose à dire. La nouveauté du salut de Dieu ne se dit pas seulement par la louange, la joie, la bénédiction. Elle se dit aussi par ces paroles graves qui sont au cœur du récit : *"Cet enfant est là pour la chute et le relèvement de beaucoup en Israël, et comme un signe qui provoque la contradiction, et toi-même, une épée te transpercera l'âme, afin que les pensées de beaucoup de cœurs soient révélées."* Jésus n'aura pas qu'un rôle positif, mais aussi un rôle déstabilisant. Il bouleversera les valeurs établies, il mènera à la vie ceux qui en étaient exclus et remettra en cause ceux qui croyaient tout savoir et posséder, y compris l'accès à Dieu.

Sur le fond de ces paroles graves, le message de joie et d'espérance prend tout son relief. La joie et l'espérance qu'apporte le salut de Dieu ne sont pas superficielles ou faciles. Cette joie et cette espérance, ce salut, posent les grandes questions, dérangent les mauvaises habitudes acquises, placent chacun devant sa vérité, transforment des vies – et cela peut faire mal – et cassent l'engrenage de la mort. Car ils annoncent à l'avance la résurrection de Jésus après sa mort sur la croix.

Il faut du courage pour proclamer un tel message, pour confesser sa foi en ce Dieu qui se montre en Jésus-Christ. Siméon et Anne ont ce courage. Peut-être parce qu'à leur âge, ils ont traversé suffisamment d'épreuves pour acquérir la certitude qu'il ne faut pas avoir peur de dire la vérité, surtout quand elle sauve.

Nous, aujourd'hui, en tant qu'Église, sommes rassemblés à cause de Jésus-Christ. Nous aussi, nous formons, autour de Jésus, une famille qui n'est pas formée par les liens du sang, mais par le Saint-Esprit. Nous aussi reconnaissons en Jésus-Christ le salut du monde. Avons-nous le courage d'accueillir ce salut jusque-là où ça fait mal, là où nos habitudes seront dérangées, là où notre Église ne se fondera ni sur le pouvoir ni sur le succès auprès du public. Sommes-nous prêts à être témoins sur la vérité du Christ, sur l'amour de Dieu pour tous, et non seulement pour un peuple délimité ?

A cause du Christ, nous devrions nous aussi être contestés et contredits, et pas toujours applaudis. Mais avec lui, nous irons aussi à l'essentiel, à la promesse du salut de Dieu qui s'adresse à tous.

Amen

Prédication dimanche 31 décembre 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA